Raharaham-pirenena 3

**Mahazo vahana ny tolona miakanjo fotsy**

Vahoaka, Vondron'ny kandidà 11, depiote 3

**Mitsoka eto amin'ny firenena ny rivotry ny fiovana**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)


Robert, Tanora KMMR Analamanga 3

**Miantso ny mpahay lalàna, ny mpitandro filaminana hitodika amin'ny vahoaka**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Talata 24 oktobra 2023 Laharana 1487 Vidiny : 600 Ar


Antsonjombe, Andranomena, Talatamaty 2

# Tonga marobe ny olona efa tena tsy rariny loatra ny zava-misy



Solontenan'ny kandidà Andry Raobelina 2

# Mbola nangataka hanemorana ny datim-pifidianana teny amin'ny HCC





Sendikan'ny Mpiasam-panjakana 6

# Mandrangaranga fitokonambe ny SSM




Orambe teto Antananarivo omaly 6

# Maromaro sahady ireo toerana dibo-drano




21 oktobra 7

**Andro iraisam-pirenena ho an'ny kankana**

Nouvelle Zélande sy Afrika Atsimo 5

**Samy miandrandra hibata ny amboara eran-tanin'ny rugby faninefany**

**Daka kely**

Artista no jeren'ny pokona ry Boaikely fa tsy ialahy mihitsy a !

ANTSONJOMBE, ANDRANOMENA, TALATAMATY

# Tonga marobe ny olona, efa tena tsy rariny loatra ny zava-misy

Na fotoana fohy, ora vitsivitsy monja aza no nanomanana ny hetsiky ny vondron'ireo kandidà, sy ireo depiote miara-dia amin'izy ireo, teny amin'ny Coliseum Antsonjombe, an'alin-kisa ireo mpiara-dia amin'izy ireo tonga teny an-toerana ny sabotsy teo. Efa tamin'ny ora farany, efa hariva tamin'ny 7 ora vao namoaka ny fanomezan-dalana ny Prefet an'Antananarivo. Na izany aza, tonga ny mpitolona, satria efa tena tsy rariny loatra ny zava-misy eto amin'ny firenena. Nohamafisin'izy ireo teny fa mitaky ny hisian'ny fifidianana madio ny Vondron'ny kandida, notronin'ny solombavambahoaka sy loholona manohana miara-dia aminy. Navoitr'ireo nandray fitenenana ny hanafoanana ny Fitsarana avo momba ny lalam-panorenana (HCC), ka hosoloina CES, torak'izany koa ny hanovana ny firafitry ny CENI, ny fandravana ny Governemanta iaraha-mitantana izay ambarany fa mitanila amina kandida tokana. Takiany koa ny fanajana ny Lalampanorenana, ka nanekeny kandida mizaka ny zom-pirenena vahiny. Nisy fanambarana iombonan'ireo kandida, nosoniavin'izy ireo ampahibemaso namaranana ny kabary nifandimbiasana, notaterin' ny kandidà Hajo Andrianainarivelo: ''rehefa avy nihaona sy niresaka tamin'ireo vondrona maro isan-karazany toy ny :

- Ny Raiamandreny arapanahy,
- Ny Fiaraha-monim-pirenena,
- Ny Communauté Internationale.
- Ny Syndicat.
- Ny raiman-dreny aradrazana.
- Ny antoko sy vondrona politika maro.
- Ny fikambanana samihafa.

Etsy andaniny, Dia miombon-kevitra amin'izy ireo izahay 11 mirahahy mivondrona ao amin'ny « collectif des candidats », fa ilaina ny fifanatonana an- databatra boribory, mba hananana fifidianana madio sy mangarahara ary eken'ny rehetra.

Ary etsy ankilany dia misy ny candidat namanay Andry Raobelina izay ao anatin'ny tsy fahasalamana tanteraka ary voatery nalefa notsaboina any ivelany: ka tsy afaka manao fampielezan-kevitra noho ny ratra nahazo azy nandritra ny fitakana izay niarahana.

Koa dia nifanaiky ary nanapakevitra izahay, fa ho fampiharana article 47 ao amin'ny lalam-panorenana ary hafahana manantanteraka ireo fitakiana iombonana ireo dia tsy ekenay ny hanatanterahana ny fifidianana ny 16 novembre 2023 izao.

Koa miantso ny vahoaka malagasy rehetra tsy ankanavaka na sivily na miaramila na ireo olomboatendry na olom-boafidy hanatevina ity tolona ity, ho tombontsoan'ny Firenena sy ny Vahoaka Malagasy.

Ny omaly kosa, teny Andranomena no niainga ny diabe am-pilaminana, nihazo an'Ambohibao, Imerinafovoany, Talatamaty ary nipaka teny Mandrosoa Ivato ao amin'ny distrikan'Ambohidratrimo. Namafasin'ny rehetra fa :

-Tsy mihemotra isika na inona na inona mitranga.
-Betsaka ny fanantenana na dia tsy mitovy hevitra aza.
-Mila miray hina, ary aoka tsy hifanilikilika.
-Tsy ekena ny governemanta mitanila.
-Tsy ekena ny HCC manapa-kevitra amin'ny tsy alehany.
-Tsy ekena ny CENI mamorona fokontany sy biraom-pifidianana matoatoa.
-Misy tsy mitovy ny fomba fitantanana ny samy mpitandro filaminana, tsy rariny, sy tsy mety izany.
-Fampielezana hevitra ihany koa izao atao izao, ka tsy tokony ho sakantsakanana.

**Isambilo**



*Ny hetsiky ny vondron'ny kandidà, tao amin'ny distrikan'Ambohidratrimo omaly.*

## Ny Valosoa sy fakafaka

Lalan'Antananarivo

### Tsy sahaza ny mpitatitra sy ny mpampiasa lalana intsony

Tsentsina amin'ny lafiny maro ny fifamoivoizana eto Antananarivo Renivohitra. Mpamily fiarakodia maro no tafaresaka tamin'ny mpanao gazety, nilaza fa tsentsina amin'ny lafiny maro tokoa ny làlana amin'izao fotoana. Ry zareo mpanao asa fitaterana, na ireo mpitondra taksi, dia nilaza fa amin'ny andavanandro dia voatsembatsemban'ny taksi moto ny asan'izy ireo, na ny lalàna mifehy ny fifamoivoizana izany na ny fidiram-bola izay enjehina, satria tsy tratra intsony ny vola omena ny tompon'ny fiara amin'ny ankapobeny. Fantatra fa maro amin'ireny koa no tsy manara-dalàna amin'ny fitaterana, tsy manana karatra fitondrana fiarakodia sy moto.

Ny saran-dalana koa dia simba arak'izany, ny an'ny taksi dia manodidina ny 1 alina Ar ny dia eto an-drenivohitra, fa ny taksi moto dia 4 arivo Ar eo ho eo ny làlana fohy indrindra, ka votsotra ny anjaran'ny mpamily fiara karetsaka, nefa azo antoka kokoa ny mandeha fiara taksi miohatra amin'ny kodiaran-droa. Ankilan'izay ny toetry ny làlana dia tsy sahaza ny mpitatitra intsony, misy ireo izay natsaraina mba hanenjehana ireny Lalaon'ny Nosy ireny, misy koa izay hampiasain'ny manampahefana matetika, nefa dia odian-tsy amboarina raha misy fokontany tsy misy olo-malaza, toy ny eny ambany toerana, 67ha, Ankazomanga, Manjakaray, sns… Marihina koa anefa fa fotoam-pahavaratra isika izao, ny orana sy ny andro ratsy efa manomboka, nefa tsy mba hita izay fanamboarana ireny làlana fampiasa isan'andro ireny, na vita fa vita kitoatoa fotsiny, ary ry zareo mpampianatra mitondra fiarakodia dia nilaza fa fanimbana fianarana toy ny eny Ankatso ny zava-misy amin'ny faharatsian'ny lalana amin'izao fotoana. Ny hita sy tsapa, efa misy manomboka samba sahady ireo lalana vao namboarina tsy ela izay eto an-drenivohitra.

**Beharo**

Solontenan'ny kandidà Andry Raobelina

# Mbola nangataka hanemorana ny datim-pifidianana teny amin'ny HCC

Mbola nangataka ny hanemorana ny datim-pifidianana teny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC) indray omaly, ny solontenan'ny kandidà Andry Raobelina, izay mbola mitsabo tena any ivelany. Tafapetraka omaly maraina teny Ambohidahy tamin'ny alalan'ny mpisolovava azy ny taratasy avy amin'ny kandida Andry Raobelina, milaza ny fisiana toe-javatra tsy azo anoharana ka mitaky hanemorana ny datim-pifidianana, araka ny voalazan'ny andininy faha 47 andininy faha-4 ao amin' ny lalampanorenana. Ambaran'ity andininy ity, fa raha misy fahafatesana mpilatsaka hofidiana alohan'ny fihodinana iray amin'ny fandatsahambato, na koa misy toe-javatra hafa tsy azo anoharana voamarin'ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana ara-dalàna, dia ahemotra amin' ny vaninandro vaovao ny fifidianana araka ny fepetra sy araka ny fomba-fomba izay ho faritana amin'ny alalan'ny lalàna fehizoro.

Mbola mitsabo tena atsy amin'ny nosy Maorisy, noho ny ratra nahazo azy teo amin'ny masony, vokatry ny lakrimôzena nataon'ny herim-pamoretana teto an-drenivohitra ny kandida Andry Raobelina. Tsy fahafahana miasa na mihetsika mandritra ny iray volana no nomen'ny dokotera azy, ka angatahany izao fanemorana fifidianana izao.

**Stefa**



*Ireo mpisolovava ny kandidà Andry Raobelina tetsy Ambohidahy.*

Ambanja faritra Diana

# Mitaky fifidianana madio koa ny vondron'ny kandidà 11

Mijoro any Ambanja faritra Diana ihany koa ny solontenan'ny vondron'ny kandidà miisa 11. Saika hanao diabe am-pilaminana namakivaky ny tanànan'ny renivohitr'i Sambirano izy ireo ny sabotsy teo, saingy tsy nahazo alalana. Noho izay antony izay, nifamory tao amin'ny kianja fanaovana basket-ball tany Ambanja ireo mpiara-dia amin'ireto vondron'ny kandidà 11 ireto. Toy ny aty amin'ny foibe aty an-drenivohitra, mitaky fifidianana madio izy ireo, mitaky ny fanovana ny HCC sy ny CENI koa, ary ny governemanta , izay samy mitanila, ka tsy antenaina ny anomanan'izy ireo fifidianana madio sy mangarahara ary ho eken'ny rehetra. Mitohy ihany koa ny tolona any an-toerana, mandra-pivalian'izany. Nisalotra akanjo fotsy koa ireo nanatanteraka ny tolona tany Ambanja izao.

**LW**




*Ny hetsiky ny vondron'ny kandidà 11 tany Ambanja.*

## Ny Valosoa sy hadihady

### Vahoaka, Vondron'ny kandidà 11, depiote

# Mitsoka eto amin'ny firenena ny rivotry ny fiovana

Manana ny tiany avoaka miotrika ao am-pony ao ny vahoaka amin'ity resaka momba ny firenena ity, fa miandry fotoanany fotsiny. Ireny niseho teny Antsonjombe ireny ny santionany amin'izany. Tao anaty fotoana fohy monja, no niantsoana vahoaka dia feno hipoka Antsonjombe. Raha nomena fotoana andro iray na roa monja aza angamba dia asa ny hafenoan'iny toerana iny, tsy Antsonjombe fotsiny intsony, fa Analamahitsy mihitsy angamba no feno vahoaka. Maneho izany fa te haneho hevitra mafy sy handray fanapahan-kevitra momba ny raharaham-pirenena ny vahoaka malagasy saingy natao tamin'ny fomba rehetra izay hanagejana azy tsy ho afaka amin'izany. Aman-taonany maromaro nandritry ny naha teo amin'ny fitondrana azy i Andry Rajoelina sy ireo mpiray petsapetsa aminy no nanao izany, ary mbola ezahiny hitothy mandraka ankehitriny izany na dia efa tsy eo amin'ny toeran'ny filoham-pirenena intsony. Mazava loatra, fa fomba fiasa maloto izany izay noraisina tamin'ny mpanjanatany frantsay sy ireo mpanao politika maloto frantsay. Tsy atao hahagaga araka izany ny misy ankehitriny satria olon'ny frantsay ihany no nitondra ny firenena tao anaty dimy taona izay, sy mbola mikasa hitondra ity firenena ity amin'ny fomba rehetra na handatsahana ràn'ny mpiray tanindrazana sy hampiadiana ny samy malagasy aza. Aseho ihany koa ny leson-dratsy rehetra amin'ny endrika fandikandalàna samihafa, hatrany amin'ny Lalampanorenana, sy ny maro hafa hifehezana ny vahoaka.

Ilay vahoaka efa nampahantraina lalina tadiavina mbola hiaina ao anatin'izany hatrany fa ampiresahana amin'ny resaka fampandriana adrisa hisintonana ny fony, mbamin'ny lainga sy famitahana isan-karazany izao. Tsy mendrika ny vahoaka malagasy intsony anefa izao iainany an-taonany maro izao. Mila fiovàna ny firenena, mitsoka izany rivotry ny fiovana izany eto amin'ny firenena ary ny hany lalan-tokana hahatongavana amin'izany fiovàna izany dia ny famerenana ny fahamarinana. Efa mitarika izany ny vondron'ny kandidà sy ireo solombavam-bahoaka miara-dia aminy, miaraka amin'ny vahoaka malagasy marobe. Mitohy hatrany ny tolona ho amin'izany ary tsy hifarana intsony mandrapahatratra ny tanjona.

***Sôh'son***

Robert, Tanora KMMR Analamanga

# Miantso ny mpahay lalàna, ny mpitandro filaminana hitodika amin'ny vahoaka

Naneho ny heviny mahakasika ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana izao i Robert Rabenarisoa, filoha lefitry ny Tanora KKMR Analamanga. Nambarany fa manimba ny firenena ny HCC minia mikimpy sy mitanila amin'izao fotoana izao io. Ny lalàna hainy, ataony sary tsy hay, no mahatonga izany fahasimbana eto amin'ny firenena izany hoy ity mpanao politika tanora ity. Noho izay antony izay, miantso ny mpahay lalàna sy ny mpitandro filaminana izy hitodika amin'ny vahoaka, izay tompom-pahefana. Arahabainy ihany koa ny vahoaka nahazo ny vondron'ny kandidà 11 mitarika sy mitaky izay hetahetam-bahoaka izay. Fitondran'Andriamanitra hoy ihany izy, ny fisian'ny vondron'ny kandidà 11, koa handao hifanome tanana amin'izy ireo hanavotra ny firenena, ka Madagasikara tsy misy rà latsaka, tsy misy fahoriana intsony, toy izay niainana nandritra ny 5 taona izay no kinendry. Arahabaina ihany koa ny vahoaka hoy izy, nahazo ireo vondron'ny kandida hamerina ny fiandrianam-pirenena eto amintsika, satria i Andry Rajoelina nandritra izay 5 taona izay dia nanome vahana ny vahiny, tsy nijery afa-tsy izy ireo, satria mizaka ny zom-pirenena Frantsay toa azy. Manjaka ny tsy fandriampahalemana indrindra ny any ambanivohitra, any no tokony hatevenin'ireo mpitandro filaminana, fa tsy manenjika mpitolona amin'ny lakrimôzena, araka ny namaranany ny fanehoan-keviny.

***Isambilo***



***Robert Rabenarisoa, filoha lefitry ny Tanora KMMR Analamanga.***

RAHARAHAM-PIRENENA

# Mahazo vahana ny tolona miakanjo fotsy

Ndao mba hiaraka aminay hoy ry fotsy akanjo, izany lohatenin-kira izany no fanentanana nataon' ireo marobe raha ho eny amin'ny Colesium Antsonjombe izy ireo ny sabotsy lasa teo. Tsy adino koa anefa tamin'antsoantso sy hirahira ny hoe: E! e! ………ny Hcc no azon'ialahy jonoana; fa ny malagasy tsy azon'ialahy vonoina, ny mpanohana vondrona kandida 11; tsy voavidy vola, sy ny hoe: zahay malagasy tsy mila vazaha, sns… Teny ampilaharana sy teny an'Antsonjombe dia niezaka nanontany ny mpanao gazety hoe : inona no tena mahaliana anareo amin' ny vondron'ny kandidà 11 (K11)? Tsy naka sarotra ny mpivady efa zokiolona ny namaly, fa raha kandida 11 ve no efa mitambatra toy izao mahatsapa ny tsy rariny ataon-dRajoelina, tsy aleo mba manohana ny K11, fa sao dia very eo, ny firaisan-kina no hery hoy ry zareo. Nilaza koa ny ramatoa efa misotro ronono iray, fa tany aloha ny pension raisinay dia mba mety amin'ny vary, sy menaka, siramamy, nefa ankehitriny dia miferotr'aina tanteraka, zara raha mihinana. Nisy kilemaina nilaza koa fa manotrona ny K11 ny tenany mankahery azy ireo, ny hevitra no mety tsy itovizana, fa ny fibanjinana ny ho avy dia tsara tokoa, mitsinjo ny tsy salama ara-batana toa azy, ary aleo tokoa misoroka dieny izao toy izay mitsabo lava eo.

Ilay rangahy voakasi-tànana teny Ampasampito raha tonga teny amin'ny Colesium dia nilaza fa tsy rariny, jadona, tsy manao afa-tsy fandrangitana satria akaiky zandary dia manararaotra. Tsorina hoy ny maro fa raha ireny mpanaradia an-dRajoelina teny amin'ny Malacam, Besarety, sns… iny, dia vitsy raha oharina amin'ireo mpanao akanjo sy lamba fotsy, satria ankizy mbola tsy mifidy, tsy ampy taona no betsaka, voakarama vola sy akanjom-bazaha daholo. Hita sy tsapa arak'izany fa mahazo vahana ny tolona miakanjo fotsy eto amintsika, tsy eto an-drenivohitra ihany io, fa hatrany amin'ny faritra araka ny vaovao voaray. Vehivavy iray avy eny Avaradrano dia nalahelo tokoa nahita ny zava-nitranga teny Itaosy, ka mba te -hampiseho mihitsy ny sabotsy teo, fa fanjakana mpandainga, mpamono olona, ka tsy levon'ny vavony intsony, aleo miandry an'i Dada hatrany, hoy izy ireo. Tsorina hoy ny tanora avy any Bongolava sy Vakinankaratra ary Boeny, izay nandefa hafatra tamin'ny gazety, fa fitondrana karazan'ny jiolahimboto no misy, ka tsy mila arodana. Mpifankatia mpianatra Ankatso, raha nanontaniana dia nitsotra fa ny ny K11, no azo antoka fa hamerina ny anjaran'ny mpianatra sy mpampianatra, ary mitsinjo izany fifidianana madio izany, tsy mitanila, ka tsy ho tetezamita mamitaka eo indray fony izahay mbola kely tamin'ny taona 2009 ireny. Nanamarika izy ireo fa izao vao mahita ilay filoha teo aloha, izay mpandainga.

***Beharo***




TONONKALO

## Aoka ho mailo ry Iraikambinifolo

Misy ireo kendrena hailika raha ny sarisary tazana,
Kilasiana ho mahery sy heverina ho mazana.
Efa enjehina isan'andro sady anaovam-pingampingana,
Isaky ny mba miseho sy isaky ny mba mandingana.

Misy ireo kendrena hailika raha ny sarisary tazana,
Ary hazaina hatrany hatrany sy tadiavina hofafazana.
Hamoronana hevi-petsy sy hananganana sakoroka,
Saingy hatreto tsy mahomby ny hevi-dratsy sy mavoroka !

Misy ireo kendrena hailika raha ny sarisary tazana,
Saingy hatreto dia mandresy ilay hoe« ho an'ny tanindrazana»!
Na dia eo ireo fomba ratsy, ambany sy mirefarefa,
Indreo « ny iraikambinifolo » fa tsy miomana hilefa !

…Misy ireo kendrena hailika sy ezahina hosakanana,
F'ireo no heverina ho fositra tsy mampisy fifidianana .
Kivy anefa iretsy foza, tsisy mba miraharaha,
Fa very maina ny fiarovany ilay kandidà vazaha !

***DADAN'i RIANA (21-10-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ireo vondron'ny kandidà nanasonia ny fifanarahana nataon'izy ireo ny sabotsy teo.


















## NY TENY FIAINANA

*"Izay mankahala anao hitafy henatra; ary tsy hisy intsony ny lain'ny ratsy fanahy."*

***Joba 8:22***

### CHAMPIONNATS NATIONAUX DE BASKET N1A, 2023

# Tamin'ny sabotsy teo ny fanokafana ofisialy

Niala sasatra kely ireo mpifaninana rehetra tamin'ny andron'ny omaly alatsinainy 23 oktobra 2023, eo amin'ny fiatrehana ny fifaninanana basikety « Championnats Nationaux de basket N1A, 2023 » sokajy lahy sy vavy, izay totonsaina ankehitriny etsy amin'ny Lapan'ny fanatanjahantena Mahamasina. Anio talata 24 sy rahampitso alarobia 25 oktobra dia hitohy indray ny fifanintsanambondrona ary amin'ny zoma 27 oktobra ho avy izao dia hiala sasatra kely indray, ny eo anivon'ny sokajy lehilahy raha hiatrika ny lalao 1/4-dalana kosa ny sokajy vehivavy. Amin'ny sabotsy 28 oktobra ho avy izao no hanantanterahana an'ireo lalao ankatoky ny famaranana rehetra. Tamin'ny sabotsy 21 oktobra 2023 teo tetsy amin'ny Lapan'ny fanatanjahantena Mahamasina hatrany, no nanatanterahana ny lanonana fanokafana ofisialy an'ity hetsika ity, izay notarihan'ny filohan'ny FMBB, Ramaroson Jean Michel. Tamin'izany no nilazany fa am-pahibemaso fa : « velona ny taranja basikety Malagasy ary miakatra lenta sy miroborobo fatratra noho ianareo mpilalao sy ekipa misy anareo tsy an-kanakavaka miaraka amin'ireo mpanazatra sy mpitantana isan'isany ». Marihana fa tamin'ny alakamisy 19 oktobra teo no efa nanombohan'ireo lalao fifanintsanam-bondrona amin'ity fifaninanana ity. Tamin'io andro faha-4 nanatontosana ny lanonam-panokafana io dia anisan'ny fihaonana niady indrindra ary nahery vaika ihany koa, ka nandratrana mpilalao maromaro ny fihaonan'ny Gnbc sy Cospn lehilahy samy avy eto Analamanga.



*GNBC vs COSPN tamin'ny sabotsy.*

***Rainilita***

### Nouvelle Zélande sy Afrika Atsimo

# Samy miandrandra hibata ny amboara eran-tanin'ny rugby faninefana


*Ny Springboks Afrikana Tatsimo.*

Samy miandrandra hibata ny amboara eran- tany amin'ny rugby faninefana daholo, na ny All Blacks na ny Springboks, amin'ny sabotsy 28 oktobra 2023 izao ao amin'ny kianja « Stade de France », fa izy ireo no hanao ny lalao famaranana amin'io andro io, hanomboka amin'ny 10 ora alina. Teo amin'ny ankatoky ny famaranana notontosaina tamin'ny faran'ny herinandro teo i Novelle-Zélande dia nanamontsanana an'i Argentine 44 – 6 ary i Afrika Atsimo dia nandresy ny XV de La Rose Anglisy tamin'ny moka fohy 16 – 15. Marihana fa ny Springboks Afrikana Tatsimo manokana dia hiaro ny voninahitra eo am-pelatanany ankehitriny.

***Rainilita***

### Volleyball Malagasy

# Raoelison Hasimbola Famonjena no Tale teknika Vaovao


*Ny Tale teknika vaovaon'ny FMVB.*

Andriamatoa Raoelison Hasimbola Famonjena, no Tale Tekinika Nasionaly (DTN) vaovaon'ny FMVB "Federation Malagasy de VolleyBall". Izy no nahazo ny naoty ambony indrindra tamin'ireo telo niatrika ny fanadihadiana, nataon'ny vaomiera misahana ny fanendrena DTN eo anivon'ny FMVB. Vaomiera izay notarihan' ny Filohan'ny Federasiona Raharimalala Léa, Randrianilana Bakoly Harisoa Clarisse : Filohamboninahitra, Rason Olivier: Mpanolotsaina Teknika, Raharinjoelina Fetison Hajatiana: Sekretera Jeneraly, Randriamiarinoro Mick Jagger: Tompon'andraikitra Teknika. Tao aorian'io fahendrena azy io dia nandray ny asany avy hatrany ity DTN vaovao ity.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Rona anamamy sy patsabe ary angivy indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Mafana ny andro amin'izao fotoana, ka mila laoka rondrony. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafana amin'ny aretina goty ny voaroihazo

Fanafana amin'ny aretina goty ny voaroihazo, io indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny fihinanana matsiro be loatra nefa tsy ampy ny rano sotroina no anisan'ny mahatonga ny goty. Eo koa ny tsy fahampian'ny fanaovana fanatanjahantena.

ZAVATRA ILAINA:

-Ravina goavy 7 isa laingony .

-Voany voaroihazo na hazondandy 1 tanana.

-Rano 1 litatra sy tapany .

FANAOVANA AZY:

-Diovina tsara ireo ravingoavy sy voaroihazo.

-Ampangotrahina amin'ny ilay rano 7 min.

-Atao anaty thermos hafana.

-Sotroina 2 vera: maraina, atoandro, hariva.

Misotro mandritra ny10 andro.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ambodiriana distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana

Ny tanànan'Ambodiriana distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambodiriana ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 15 mandrafitra ny distrikan'i Toamasina II. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny vomanga, ny katsaka. Ny voankazo toy ny akondro, ny letchi, ny soanambo, ny ampalibe. Ankoatra ny mpamboly sy mpiompy, misy mpanjono koa ireo mponina any Ambodiriana.



SENDIKAN'NY MPIASAM-PANJAKANA

# Mandrangaranga fitokonambe ny SSM

Nitafa tamin'ny mpanao gazety omaly, ny firaisankinan'ny mpiasam-panjakana eto Madagasikara (SSM), tamin'izany no nandrangarangan'izy ireo fitokonambe eto amin'ny firenena raha tsy hisy ny fifampidinihana amin'izao olana politika eto amin'ny firenena izao noho ny resaka fifidianana. Nilaza ireo mpitarika sendikaly, fa hakatson'izy ireo ny asam-panjakana raha tsy misy vahaolana haingana amin'izao olana eto amin'ny firenena izao. Nametraka "préavis de grève" 72 ora tamin'ny minisitera isan-tsokajiny omaly firaisankinan'ny sendikan'ny mpiasam-panjakana. Mila mitady vahaolana ireo mpanao politika, Kandida filoham-pirenena, fanjakana manoloana ny savorovoro politika ao anatin' ny 3 andro hoy izy ireo.



*Anisan'ny efa manatevina ny hetsik'ireo kandidà ny sendikà ao amin'ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena.*

Tapitra ny 72 Ora, hampikatso ny asam-panjakana rehetra ny mpiasa raha tsy misy ny vahaolana. Miantso ny mpiasa rehetra hijoro, ka hijery ny tombontsoan'ny tanindrazana ny SSM na ny firaisankinan'ny sendikan'ny mpiasam-panjakana eto Madagasikara.

***Niaina***

Tarika mpandihy Disaraga Madagasikara

# Miatrika ny «Osaka in the World 2023» any Japon

Miatrika ny hetsika «Osaka in the World 2023» any Japon, izay fotoana anasan'ity firenena ity isan-taona, an' ireo firenena samihafa eran-tany, mba hanehoan' izy ireo mivantana ny dihy nentim-pahazana any aminy tsirairay avy ny tarika mpandihy Malagasy Disaraga, tarihan'ny mpandrindra ao aminy , Rakitaniaina Félicité, ary ahitana mpandihy miisa 8 sy mpitendry zava-maneno 4 sy mpandrindra an-tsehatra iray. Firenena miisa 28 no manana solontena amin'ity hetsika ity tamin'ity taona 2023 ity, ka anisan'ireo firenena roa misolo tena an'i Afrika amin'izany i Madagasikara, amin'ny alalan'ny tarika Disaraga « Dihy Sara Gasy » Madagascar. Tamin'ny zoma 20 oktobra lasa teo no tontosa tany Ashimoto – Osaka – Japon ny andiany voalohany amin'ny seho niakaran'ny tarika mpandihy Malagasy ity an-tsehatra ao anatin'ity hetsika ity ary mbola hisy roa hafa ho tanterahina any amin'ny toerana roa hafa ihany koa. Nampiakanjon'i Sih Rakout izy ireo tamin'io seho voalohany io, ka tena nampisongadina tanteraka ny maha-Malagasy azy ireo.


*Tarika Disaraga any Japon.*

***Rainilita***

Championnat de Madagascar rugby Fédéral 2

# Somary nangatsiatsiaka teny Andohatapenaka


*Teny Andohatapenaka tamin'ny alahady teo.*

Nitohy teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka tamin'ny alahady 22 oktobra teo, ny fifaninanana rugby à XV fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2023 sokajy federaly 2, izay hita fa somary nangatsiatsiaka tamin'ny fanarahana azy ity ihany ireo mpitia baolina lavalava amin'ny ankopobeny, ka somary nangadihady be ihany ny fijerem-baolina teny an-toerana. Niady ary nifandanja tsara kosa ireo ekipa rehetra nifaninanana tamin'io andro alahady io, ka tsy dia nahitana an'irony fisiana elanelan'isa be dia be ireny intsony. Ireo voka-dalao tamin'ny alahady : 3F 5 Amboditsiry 19 - 10 Fta Anjanahary, Hiza 17 Angarangarana 19 - 23 Afa Ankazomanga, Soe Stade 23 - 14 XV Beravina Beravina, Matadore Anosipatrana 11 – 37 Crai Ambalavao Isotry, Fta Andavamamba 21 – 14 Asa Ambohimanarina.

***Rainilita***

Orambe teto Antananarivo omaly

# Maromaro sahady ireo toerana dibo-drano

Orambe nandritra ny ora maromaro teto an-drenivohitra omaly, maromaro sahady ireo toerana dibo-drano toy ny teny Andravoahangy, Besarety, Isotry, Mahamasina, Behoririka,… Ireo toerana ireo izay iva toerana, ankoatra izany, ny tsy fanadiovan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra ny lakandrano mandritra ny maintany koa no tena mahatonga ireo toerana ireo ho fefiky ny rano foana, isaky ny fotoana fiavian'ny orana. Mbola lohataona aza isika izao, fa tsy fahavaratra, mainka izany fa amin'ny fotoam-pahavaratra hanomboka amin'ny volana desambra, ka hatrany amin'ny volana martsa-aprily amin'ny taona ho avy dia asa fotsiny, tsy ho lazaina intsony izay hahazo ireo toerana iva eto Antananarivo ireo.

***Aly***



*Faritra iva, dibo-drano teto Antananarivo omaly.*

## Taratasin'ny mpamaky

Fampahafantarana alefa amin'ny rehetra izao taratasy manaraka izao. Ny FIARA 4×4 MERCEDES BLINDÉE 6677 TAC an'ny filoha Marc Ravalomanana.

Efa tany amin'ny taona 2000 tany no nividianan'ny Fianakaviana Ravalomanana ity fiara 4×4 Mercedes blindée ity, ary roa mitovy amin'io no ananany. Ny isa 77 amin'ny laharan'ny fiara dia manamarika ny taona 1977 nampiroborobo ny orinasa TIKO, sy nahazoany fiara voalohany (77 ihany koa ny fiafaran'ny laharan' ilay fiarany voalohany). Tamin'ny taona 2002 dia efa ity fiara ity no nitondra ny Filoha Ravalomanana teny amin'ny kianjan'ny 13 mai sy nampiasainy . Mbola ity fiara ity ihany koa no nitondra azy sy ny ankohonany nandritra ny fampielezankevitra 2006. Nandritra ny fanonganam-panjakana 2009 dia nisy naka ny fiara mercedes roa an'ny fianakaviana Ravalomanana ary tamin'ny taona 2017 vao fantatra, fa i Alain Ramoroson no naka sy nitazona ireo fiara mercedes roa ireo. Rehefa voaheloka higadra i Alain RAMAROSON dia ny vadin'ity farany no tonga teny Faravohitra niresaka tamin'ny Filoha Ravalomanana , nilaza fa haveriny ny fiara roa raha manome vola mitentina "400 millions fmg" azy ny Filoha RAVALOMANANA, saingy tsy nanaiky ny Filoha Ravalomanana, fa avy hatrany dia nanao ny "procédure" rehetra ary nandefa vadintany teny Andoharanofotsy naka ny fananany, ka niverina taminy ireo fiara roa ny volana janoary 2017. Simba moa ireo fiara roa ireo ka nalefa avy hatrany tany Allemagne namboarina. Ankehitriny dia mbola ampiasain'ny Filoha Ravalomanana Marc ity fiara ity ary tsy foiny, mbola matanjaka tsara rahateo ilay fiara na dia efa aman-taonany maro aza.

***Malagasy tsara***

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tél. 034 79 076 00

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 21/10/2023 hatramin'ny 28/10/2023**

- **SAKAIZA** (Antohamadinika) 034 92 159 03/032 12 002 03
- **ANALAKELY** (En face Tahala Rarihasina) 020 22 236 81/ 033 90 338 34 / 034 48 788 96
- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85/034 14 525 52

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1487-10-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

SIMENITRA « COLLE RAIKITRA»

# Hiparitaka eny amin'ny tsena amin'ny volana novambra izao




*Ireo vokatra simenitra vokarin'ny orinasa Cementis.*

Ny simenitra « Colle classique », ny simenitra « Colle spéciale », ny simenitra « Colle ultra » ireo no kazarana simenitra « Colle raikitra » vaovao vokarin'ny orin'asa Cementis. Nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy an'ireo mpitsidika tetsy amin'ny « Salon international de l'habitat » tetsy amin'ny « Forello expo » Tanjombato ny Zoma maraina teo, ny vokatra simenitra vaovao vokarin'ity orin'asa ity, no sady nampiseho ampahibemaso ny fomba fampiasana an'izany amin'ny akapobeny. Nanazava Ramatoa Ranaivoson Lova, mpiandraikitra ny serasera ao amin'ny orinasa « Cementis », fa simenitra milanja 25 Kg ary mahavita velarana 5 metatra tora-droa ny fampiasana ny lasaka iray. Nanamafy ity tompon'andraikitry ny serasera ity , fa ny tombony ho an'ny mpanjifa ny simenitra « Colle raikitra » dia mora ampiasaina ary afangaro amin'ny rano fotsiny no sady tsy voatery hampiasa fasika, tsy mandany fotoana eo amin'ny fametrahana « Carreaux », madio ny toerana avy nampiasana an'ity simenitra ity, afaka ampiasain'ny olona tsotra ny simenitra « Colle raikitra », satria efa misy toro-lalana arahina mazava misoratra eo amin'ny lasaka. Tsiahivina fa miia 240 ireo mpiara- miasa amin'ny orinasa « Cementis », ka any Ibity Antsirabe sy Toamasina no ivontoerana mamokatra ny simenitra « Colle raikitra » ary hampahafantarina ny olona manomboka ny volana Novambra 2023 ho avy izao ny fanjifana an'ity vokatra vaovao ity.

***Franck Razakambelo***

21 oktobra

# Andro iraisam-pirenena ho an'ny kankana


Nankalazaina ny 21 oktobra lasa teo ny andro iraisam-pirenena ho an'ny kankana. Toy ny firenena rehetra eto amin'izao tontolo izao, nanamarika izany isika teto Madagasikara. Ilay kankana mpanamasaka ny zezika no voakasik'izany, noho izy ireo singa fototra mamorona ny taharo ara-tsimika mahatsara ny fambolena. Raha tsy misy azy ireo, hihena ny kalitaon'ny sakafon'ny olombelona, ny hatsaran'ny voka-pambolena. Koa ilaina ny fiarovana ny kankana, satria iankinan'ny fianian'ny zanak'olombelona eo amin'ny resaka sakafo mahavelona. Ny kankana no miantoka ny mahalonaka ny tany. Ny taona 2016 no nanamarihana voalohany ny andro iraisam-pirenena momba ny kankana na "verre de terre". Ny zezi-pahitra no voalaza fa mampiasa betsaka ny kankana. Eto amintsika, any Soavinandriana faritra Itasy, misy tantsaha matihanina amin'ny fivarotana kankana azo ompiana, ka ampitomboina hahalonaka ny tany, sady fanafody mahafaka aretina maro ny fihinanana azy.

***Aly***



BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 448




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0447)

***Mitsivalana***
- Mahasaky
- Fefy (miv)
- Janoary
- Ako (miv) – Anio (miv)
- Tataka
- RM – Nay
- Ovaina

***Mitsangana***
- Mijotso
- Afaka
- Henatra
- Afo – Amy
- (L)aok(a)
- Aoriana
- In
- Fy (miv) – Avia

## TENY MIFANAPAKA N° 448




**Mitsivalana**

**1.** Manambara – Reraka **2.** Taranaka, fiaviana fahiny (miv) – Aro orana (miv) **3.** Ao amin'ny filazantsara – Atsipazo lavitra **4.** Voavonjy **5.** Asianao, iangavianao mandeha **6.** Fifanarahana – Tanàna (miv) **7.** Aviavy – Tovona – Mampisafidy **8.** Anelanelan'ny fito – Tsotra **9.** Gaga sy talanjona **10.** Tsy tsaroana – Tsy takatra

**Mitsangana**

**A.** Manao fitaka **B.** Ampela (miv) – Sahala (miv) **D.** Fenoina loto – Isa Romana **E.** Zava-maniry tsy misy mpiahy – Tsirinteny Mpanao **F.** Minitra sy segondra – Betsaka **G.** Toerana – Fisalasalana **H.** Fiandohan'ny làlana – Naoty (miv) – Aro moka (miv) **I.** Fanasanareo (miv) **J.** Toeram-pandevenana (miv) **K.** Daholo

### Valiny Teny mifanaraka 0447

**Mitsivalana**

**1.** Mpanjaka **2.** Toa (miv) - Zotra **3.** Ntaolo - (L)aok(a) **4.** Divay - Vovo **5.** (B)ok(y) - Lova - An **6.** Sa - Akoho **7.** Amalona **8.** Tena - Voina (miv) **9.** Inona - Ka **10.** Avoaka - Lay

**Mitsangana**

**A** Mandositra **B.** Potika **D.** Vata (miv) - Anio **E.** Anamalao (miv) **F.** Lioka - OK **G.** Azo - Volana **H.** Ko - Vahona **I.** Atao - Ony **J.** Rova - aoka **K.** Takona - Vay

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

**Feno ny Coliseum Antsonjombe ny sabotsy teo, nandritra ny hetsiky ny vondron'ny kandidà 11, na ora vitsy aza ny fanomanana. Nanotrona azy ireo koa ireo depiote miara-dia aminy.**















